Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana alakamisy 16 jolay 2020

Thème : « Ce que l'Esprit désire »
Texte : Romana 8,5-17

Mitarika : Pst Henintsoa Rasolonjatovo

Fiharabana Apostolika

FFPM24/1,2,4
1. Ny lanitra ao ambony ao,
:,: Andriamanitra ô! :,:
Izay rehetra vitanao
Dia mahagaga anay. (in-3)

2. Ny volana aman-kintana,
:,: Ny masoandro koa :,:
Ny tany aman-danitra.
Mitory avokoa. (in-3)

4. Ny tenanay, fanahy koa,
:,: Dia avy taminao, :,:
Ka mampiseho tsara koa
Ny voninahitrao. (in-3)

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM439/1
1. Mba taomy aho e,
Ry Tompo ô !
Ho tonga zanakao
Madio am-po.
Mba taomy aho e,
Ho tia Anao tokoa !
Ny fo atolotro
Mba raisonao.

Fampidirana

FFPM267/1

1. He, ny andon'ny maraina
Latsaka ao an-tsaha re
Ka mamelona ny maina
Izay maniry rano be!
Ravoravo e, ny tany,
Fa he, ny andro maina efa lany;
Ka mitsahatra ny fahantrany,
Manaroka ny hazo be!

Vakiteny 1 : Romana 8,5-8

Fanazavana fohy

FFPM267/2

2. Ny fanahy karankaina
Misy rano velona,
Fa Jesosy andon'aina
Manome fiainana
Velona ny jentilisa,
Ny tany hay dia tonga Paradisa
Marobe no efa voaisa
Handray ny lova masina!

Vavaka isan-tokantrano

- Misaotra amin'ny famindrampon'Andriamanitra tsy naha-lany ritra antsika.
- Mibaboka sy miaiky ny fahotantsika.
- Mahatsiaro am-bavaka ireo tsy salama.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Romana 8,9-10

Fanazavana fohy

FFPM267/3

3.Misy lalana mizotra,
Izay mankao Ziona re;
Any no mitanjozotra
Ny vahiny marobe;
Ka Ziona dia mivoha
Hidiran'ny navotan'ny Tsitoha;
Ao no ivorian'ny mifoha,
Fa an'ny Tompo lehibe.

Vavaka isan-takantrano

- Misaotra an'Andriamanitra amin'ny fanavotany antsika ao amin'I Jesosy Kristy.
- Mitondra ny nofontsika homboina eo amin'ny hazo fijaliana.
- Mivavaka ho an'ny vahoakan'Andriamanitra hahatsapa ny hasarobidin'ny hazo fijaliana.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Romana 8,11-13

Fanazavana fohy

FFPM267/4

3.Misy lalana mizotra,
Izay mankao Ziona re;
Any no mitanjozotra
Ny vahiny marobe;
Ka Ziona dia mivoha
Hidiran'ny navotan'ny Tsitoha;
Ao no ivorian'ny mifoha,
Fa an'ny Tompo lehibe.

Vavaka isan-tokantrano

- Mangataka izany famlelombelomana avy amin'ny Fanahy Masina izany.
- Mitondra am-bavaka mba tsy ho variana amin'izao fialantsasatra izao.
- Mangataka mba ho fenoin'ny Tompo fifaliana na ireo afaka mandeha na ireo tsy afaka mandeha miala sasatra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Romana 8,14-17

Fanazavana fohy

FFPM687/1

1. Ny tranon'ny Raiko Trano madio
Tsy misy mahory na zava-manjo,
Avia, ry malahelo! Hankao
Mizora, fa Izy hampiditra anao.

Fiv : :,: Sambatra re, izay tonga ao:,:
:,: Faly tokoa :,: izay tafiditra ao.

Vavaka isan-tokantrano

- Mankasitraka an'Andriamanitra fa afaka handova lanitra.

- Mivavaka ho an’ny Tanindrazana sy LaFrantsa.
- Mivavaka ho an’ny Fiangonana FPMA isan’ambaratonga.

Vavaka ataon’ny Mpitandrina

FFPM687/2
2. Mandalo izao fiainana izao,
Ka aza sondriana aty hianao
Ny ratsy izay mitaona reseo,
Ny any an-danitra no mba irio
:,: Sambatra re, sns… :,:

Hafatra :

Ezekiela 36,25-27;Romana 12,1-2
«Dia hofafazako rano madio hianareo, ka hadio; ny mba ho afaka amin’ ny fahalotoanareo rehetra sy ny sampinareo rehetra no hanadiovako anareo. Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin’ ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo hianareo. Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy.
Koa amin’ izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon’ Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak’ Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary aza manaraka ny fanaon’ izao tontolo izao; fa miovà amin’ ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon’ Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.»

FFPM499/1,2,3 (feony zafindraony)
1. Inona, re, no atakaloko,
An’i Jesosy Izay mpisoloko?
Ny zavatra izay ho simba va sy mora levona.
Raha mbola hazoniko ny To,
Ka tsy maty ny jiro ao am-po,
Jesosy tsy soloako, na inona nainona.

2. Indro, Jesosy no fiainako,
Izy no manda fiarovako;
Izaho efa maty, nefa novelominy indray,
Ka na dia mahantra aza aty,
Ka tsy mbola nafindra ho ary,
Jesosy no anjarako, ka ampy ahy re, izay.

3. O, ry Jesosy Tompo tsara ô!
Aza mamela ny fanahiko

Hisaraka aminao, fa tano aho ho mpanomponao.
Mba velomy ny fìtiavako
Ka tohano ny fandehanako,
Mba hanarahako ny lalana izay nalehanao.

Tsodrano

Hianao izay efa notantanako avy tany amin' ny faran' ny tany Ary nantsoiko avy tany an-tsisiny Ka nilazako hoe: Mpanompoko hianao, Efa nofidiko ka tsy mba nariako: Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; Ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; Mampahery anao Aho sady mamonjy anao; Eny, mitantana anao amin' ny tànana ankavanan' ny fahamarinako Aho. Ho an'Andriamanitra Ray, Zanaka, Fanahy Masina anie ny voninahitra hatramin'ny taloha indrindra, ankehitriny ary mandrakizay. Amena.